


Sarotra no hino fa resaka politika sy tsy fitiavana manokana ny Filoha Andry Rajoelina sy ny fianakaviany fotsiny no nahatonga ity Malagasy nitady ravinahitra ao Frantsa ity nanao zavatra mamoa-fady eo anatrehin’ny lalàna iraisam-pirenena. Ny fanontaniana mipetraka izany dia hoe: mba ohatrinona marina no nomen-dry Marc Randrianisa azy nanatontosainy zavatra noheveriny fa ho mora atao ka tsy hisy arakaraka ?

Nivoaka eraky ny haino aman-jery ilay baoritra  kely milaza ny mombamomban’ny entan’ny Filoha Andry Rajoelina ( *“talon de bagage”*). Raha izaho manokana dia tao amin’ny pejin’i Mahery Lanto Manandafy ao amin’ny Facebook no nahitako azy. Rehefa natao ny fikaroana dia tao Frantsa ity Malagasy mitondra ny anarana hoe Razanatseheno Hery Manana Alain ity no tratra. Nanomboka teo dia mifamaofao be ny vaovao. Isika matihanina ka araho ny marina.



Ity olona ity dia tsy hoe mpamily raikitra ao amin’ny delegasiona Malagasy ao amin’ny Unesco tarihin-dRamatoa Yvette Sylla akory, ka tsy ho hampidirina amin’izany raharaha maloto izany koa ny vadin’ny Praiminisitra teo aloha, Tompokolahay Jacques Sylla. Toa ny Malagasy maro mitady ravinahitra ao Eoraopa dia manana orinasa kely izy ka mpitatitra olona sy entana no ataony (*“Chauffeur-livreur”*). Amin’ny maha Malagasy azy dia antsoina izy indraindray, toa ny Malagasy sasany mitovy aminy, rehefa misy delegasiona ofisialy tonga avy aty Madagasikara.



**PRÉSENTATION DE LA SOCIÉTÉ HERY RAZANATSEHENO**

**En détail**

L'entreprise RAZANATSEHENO HERY ALAIN transporte des voyageurs par réseau routier. Son siège se situe dans la commune du Blanc Mesnil (93), à 12 km de Paris. Son immatriculation date de la fin du second semestre 2015.

Le numéro SIRET 817 891 997 00014 désigne le siège de l'entité RAZANATSEHENO HERY ALAIN. Selon nos informations, cette société n'a pas de site web et n'est pas présente sur les principaux réseaux sociaux. Il y a 3 617 entités dans ce secteur d'activité dans la région Île-de-France, ce qui représente environ 50 % des concurrents de l'entreprise à l'échelle nationale. Même si nous n'avons pas le dernier bilan enregistré par l'entité aujourd'hui, nous avons observé que le CA moyen du domaine est de 74 293 € à l'échelle de cette ville.

Fa nanao ny tsy fanao sy tsy fahita izy tao Roissy-Charles de Gaulle ka hitan’ny caméra, sao misy manantena fa tsy izany no nahitana azy malaky. Izy ny naka ny entan’ny fianakavian’ny Filoha ary ilay sary dia nalaina alohan’ny nampidirany ireo entana tao anatin’ny fiarana nentiny. Mazava amintsika rehetra izany fa tsy tao Ivato akory no nisy naka ilay sary niparitaka.



Toa izao ny fangalana entana ao Roissy-CHarles De Gaulle ao Paris

**Taorian'io izany no nagalan'i Razanatseheno Hery Manana Alain ny sarin'ilay *"talon de***

***bagages"***
**dia naparitany tany amin'ireo mpiara-dia amin'i Marc Randrianisa sy ireo olona sasany eto an-toerana. Misy izany**
***"groupe messenger"***
**izany dia ao daholo izy mianakavy no maka izay alefa na sary na soratra na feo...**




**Tsindrio sary hijerenao ny vidéo an'i Rinah (io amin'ny sary sy ireo entana hita tao**

**amin'ilay trano nofain'i Marc  Randrianisa sy ny sipany ao Isoraka**

Nosamboriny izy ary rehefa nojerena ny ao anatin'ny finday-ny dia voamarina fa miray tendro amin'i Marc Randrianisa, rain'i Tiavo, mpanao Tae Kwon Do, mizaka zom-pirenena frantsay. Izay, hono, no antony notsidihin'ingahy Siteny Randrianasoloniaiko an'i Marc Randrianisa mivady, amin'ny maha Filohan'ny firaisana afrikana momban'ny Judo. Dia, hoy ny mpanao polifika : "Miray tendro ihany ireo". Satria ve ho kandida filoham-pirenena I Siteny ? Asa…



*Siteny Randrianasoloniaiko*

**Nihaona tamin'i Marco Randrianisa tany Frantsa**


Niteraka resabe teto amintsika, ny volana mey lasa teo, ny raharaha momba ilay teratany malagasy monina any Frantsa antsoina hoe Marco Randrianisa. Raha tsiahivina dia anisan'ireo diaspora manohitra ny fitondrana Rajoelina miaraka an'i Fanirisoa Erinaivo ity raim-pianakaviana ity, ary nanao antso avo izy mba hanaovana fitsaram-bahoaka ny filoha Andry Rajoelina sy ny vady aman-janany. Namoaka didy fampisamborana azy mihintsy moa ny fitondram-panjakana malagasy noho izay antso nataony izay. Andro vitsy lasa anefa izay dia fantatra fa nihaona tamin'i Marco Randrianisa tao amin'ny trano fonenany tany Frantsa i Siteny Randrianasoloniaiko araka izao hita amin'ny sary izao. Tsy fantatra mazava moa ny tena anton'ny fihaonana fa ny azo antoka aloha dia tsy maintsy resaka politika. I Siteny Randrianaoloniaiko izay efa fantatra fa hilatsaka kandidà amin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ny 2023. Ny mahagaga dia olona namoahana didy fampisamborana teto amintsika i Marco Randrianisa kanefa tahaka ny olona tsy manan-tsiny mihintsy amin'ingahy fiohan'ny federasionina afrikanina ny Judo.

F.Tsihiavonana

I Siteny Randrianasoloniaiko sy i Marco Randianiasa mivady.


**Tamin'ny  volana Oktobra 2021  io sary io**

Fa tsy izany ny resaka eto f'efa nanafika ny masoivohon'i Madagasikara ao Parisy i Marc Randrianisa io ny taona 2009 ary izy ihany koa no nametraka baomba teny amin'ny lalan'ny "marais Masay" ao Antananarivo saika namonona ho faty ny Filohan'ny Tetezamita tamin'izany. Voamarina fa nokaramain'ny filoha teo aloha, Marc Ravalomanana, izy tamin'izany rehetra izany.









RAZANATSEHENO Hery Manana Alain